

Famintinana fiofanana FTA ( RASOLOFO  
Sitraka/ RASOLOFO Riana/  
RAVELOMANANTSOA Ando/ RAVALISON Haja)  
G3: « Fahano amin'ny Teniko ny ondry »  
Fahano amin'ny Teniko ny ondry

Faly miarahaba antsika rehetra indray.  
Indro ny famintinana ny FTA farany  
nataonay G3.

Isika tompon'andraikitra no  
notendren'ny Tompo hanohy ny « Asa »  
efa natombony. Ny tanjona dia ny  
hahatonga ny firenena rehetra ho lasa  
mpianatry ny Tompo, ho iray vala.

Koa voalohany izany dia izao: isika  
tompon'andraikitra, mpiandry ondry, dia  
manana adidy sy andraikitra hamahana  
ireo ondry sy hiaro azy ireo amin'ny  
amboadia. Raha ara-nofo ny hoe mamahana  
dia manome sakafo, fa tsy izay ihany fa  
ny tena voalohany aloha dia ny  
sakafo-panahy dia ny  
Tenin'Andriamanitra izany. 1 Timoty  
3.2: fa ny mpitandrina, izany hoe isika  
tompon'andraikitra, dia « tsy

maintsy...mahay mampianatra ».

Anjarantsika izany ny mamelona ny ondry izay tandremantsika amin'ny alalan'ny fampianarana ny Tenin'Andriamanitra. Eo koa anefa no mila fitandremana ry havana. 1 Timoty 4.12 « Aoka tsy hisy olona hanao tsinotsinona ny fahatanoranao », ary koa « Mandra-pihaviko, tandremo ny famankian-teny, ny fan anarana, ny fampianarana(...) mba niseho amin'ny olona rehetra ny fandrosoanao » 1Timoty 4.13-14. Ilay « fahatanorana » dia tsy dia ilay taona loatra fa araka ny fotoana niantsoan'ny Tompo antsika.

Faharoa dia ny fiarovana ireo ondry tsy ho lanin'ny liona sy amboadia. Isika izany dia manana adidy sy andraikitra hiaro ny fiangonana sy ireo ondry tsy ho azon'ny fampianaran-diso. Mitaky fianarana sy fandalinana ary fitarihan'ny Fanahy Masina izany ry havana. «Mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimolenin'ny rivotry ny fampianarana samihafa rehetra amin'ny saim-petsy ataon'ny olona sy ny

fihendreny hahatanteraka ny hevitra ny famitahana ». Hoy ny

Tenin'Andriamanitra, Efesiana 4.14.

Manaraka izany dia manjaka amin'ny vahoakany amin'ny alalan'ny Teniny Andriamanitra. Ny Teniny izay efa nampitondrainy sy nampitainy tamin' i Abrahama, Isaka sy Jakoba ka nanaraka azy ireo ireo vahoakany. Toy izany koa Masesy nandray ny « Didy Folo » no an'ny Israely dia ny Fiangonana izany. Rehafa nitsangana tamin'ny maty Jesoa dia naniraka ny Apostoly, ny Apostoly nanendry loholona isam-piangonana. Isika izao no hiantefan'izany iraka izany hitondra ny teniny sy hitory Azy amin'ny fiangonantsika.

Ireo izany amin'ny ankapobeany ireo « Asa » hanirahan'ny Tompo antsika. Ny fanontaniana roa lehibe mipetraka dia izao: ampy ve ireo tori-teny hoentina mamahana, mampianatra sy hiandry ireo ondry? Ny faharoa dia hoe: inona ary no fiadiana sy fitaovana tokony hiambozonantsika hiarovana ireo ondry?

Tena lehibe tokoa, ry havana, ary misaotra ny Tompo isika, fa zava-dehibe tokoa ny tori-teny. Manana Mpitandrina isika izay niomana sy nandalina momba izany rehetra izany, ny fikasan'Andriamanitra. Izy irery ihany aloha, na tiantsika na tsy tiantsika no efa nandalim-pahaizana ny momba ny finoana sy Tenin'Andriamanitra. Aoka tsy ho ataontsika ambinambin-javatra izany fa tena tombony na ny tena izy dia fahasohavana lehibe nomen'Andriamanitra ho antsika. Fa na eo aza izany dia tsy tokony hionona amin'izany isika fa mila mihezaka koa, mila mandalina araka ny tori-dalana avy amin'ny tori-teny sy ny Fanahy Masina. Rehefa avy mihaino tori-teny isika ka mbola miantso ny Fanahy Masina hanazava sy hitari-dalana dia mbola hitarika antsika hanao « Asa » betsaka kokoa ny Tompo. Izay ilay hoe: «Ny finoana tsy arahin'asa dia zava-poana ». Eo am-panantanterahina io « Asa » io dia tokony ho fitaratra isika, izany hoe tokony hanana fitondran-tena mendrika, matotra ary, araka izay azo atao, tsy

azo kianina. Ahazahoana izany dia toetra na fahaiza-miaina efatra, farafaharatsiny no ilaintsika:

-Fahafantarana tsara ny sitrapo sy fakasan'Andriamanitra. Dia efa eo izany ny Mpitandrina fa mila mandalina koa isika.

-Fandinihan-tena izay mitarika any amin'ny fiovana fo. Io ilay fibebahana ry havana, na koa fivalozana

-Fanetre-tena. Tsy hoe manambany tena fa manao izay azo atao mihezaka hihaino ny hafa, ireo ondry andrasana.

- Famafana ilay maha-izy azy ny tena. Fitaovana eo am-pelatanan'ny Tompo isika, koa eo am-panantotosana ny iraka nampandraiketina antsika dia aoka ho tsapantsika fa tsy isika no miasa fa Jesoa no miasa amin'ny alalantsika. Ny fitaovana na koa azo lazaina ho apinga hanatanterahina izany ry havana dia hofehezintsika amin'ilay tenintsika malagasy hoe « fefy ». Eto ny « fefy » dia ny Tenin'Andriamanitra, Vavaka. Ny Tenin'Andriamanitra dia izay efa avy tamin'Andriamanitra rahateo, miampy izay azo avy amin'ny fampianarana sy

tori-teny aty ireo fandalinana samihafa  
. Ny Vavaka dia fangatahana sy  
firesahana mihintsy amin'Andriamanitra.

Dera sy laza anie ho an'Andriamanitra,  
Ray, Zanaka ary Fanahy Masina irery  
ihany.

Sitraka, Riana, Ando et Gloum